

manana olana amin'ny drafitry ny famonjena?" Tsy misy manana olana izahay ary feno fankasitrahana ny rainay sy reninay izay nampianatra anay mba hanana fahatokiana tanteraka an'ilay drafitra."

Miresaka amin'ny rehetra izay mijaly aho, sy izay rehetra mitaraina ary izay rehetra miatrika sy mbola hiatrika fahoriana sy olana eto amin'ity fiainana ity. Ny hafatra dia ho anareo rehetra miahiahy sy matahotra ary kivy. Ny hafatro dia toy ny feo miantso ihany, mpampahatsiahy an'ilay torohevitra mampahery lalandava avy amin'ny Ray be fitiavana ho an'ny zanany hatrany amin'ny fiandohan'izao tontolo izao.

"Tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototrareo; ka rehefa handefa ny rivo maheriny ny devoly, eny, ny zanatsipikany ao amin'ny tadio, eny, rehefa, hamely anareo ny havandran'ny rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo hidina any amin'ny hantsan'ny fahoriana na ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."

Mijoro ho vavolombelona momba Azy aho fa nandresy an'izao tontolo izao Izy ary tsy hanadino na handao antsika velively satria efa vitany tombokavatsa eo amin'ny felatanany isika.<sup>8</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo izay mitandrana ny didiny dia hitombo finoana sy fanantenana. Homena hery handresena ny olan'ny fiainana rehetra izy ireo. Hiaina fiadanana izay mihoatra noho izay azo tatarina izy ireo.<sup>9</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Sarah DeArmon Pea Rich, in Carol Cornwall Madsen, *Journey to Zion: Voices from the Mormon Trail* (1997), 173–74; natao marana-penitra ny fitsipi-panoratana.
2. Môrônia 7:40–42.
3. Jereo Apokalypsy 7:14–17.
4. Jereo Jakoba 2:19 (ao amin'ny Baiboly).
5. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Finoana".
6. "Ndao ry Olomasina," *Fibirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy faha-4.
7. Helamàna 5:12.
8. Jereo 1 Nefia 21:16.
9. Jereo Filipiana 4:7.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**

Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Ny Reny sy ny Zanakavavy

*Amin'izao andro farany izao dia zava-dehibe—ary tena maika—ny fifampibainoana sy ny fifampianaran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.*

Ry rahalahy sy anabavy, enimbolana lasa izay dia niresaka tamin'ny ray sy ny zanakalahy aho tao amin'ny fivoriamben'ny fisoronana nandritry ny fihaonamben'ny Fiangonana. Mety efa nandrasanareo ihany koa fa dia nangataka hanokanana fotoana tahaka izany koa ireo zanako vavy 5, ireo zafikeliko vavy 24, ary ireo zafiafiko vavy izay tsy mitsahamitombo isa hatrany. Koa anio aho dia hiresaka manokana amin'ny reny sy ny zanakavavy ato am-piangonana.

I Barbara vady malalako, dia naneho hery mitarika lehibe izay haharitra mandrakizay teo amin'ireo zanakay vavy sy zafikelinay vavy—ary izy ireo koa dia naneho izany taminy. Mitana anjara toerana manan-danja ny reny sy ny zanakavavy eo amin'ny fifanampian'izy ireo hikatsaka ireo fahaiza-manao tsy manam-petra ho azy ireo na dia eo aza ny fitarihana mifono fanambanimbadiana avy amin'izao tontolo izao izay hanimbana sy handrebirebena ny vehivavy sy ny reny.

Raha niresaka tamin'ny vehivavin'ny Fiangonana ny Filoha Joseph F. Smith efa ho taonjato iray lasa izay dia nilaza izy hoe: "Tsy ianareo izao no tokony hotarihin'ny vehivavin'izao tontolo izao, fa anjaranareo no . . . mitarika ny

. . . vehivavin'izao tontolo izao amin'ny zava-drehetra izay mendri-piderana, sy ny zava-drehetra izay misy ifandraisany amin'Andriamanitra, ary ny zava-drehetra izay manome hery sy . . . manamasina ho an'ny zanak'olombelona" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph F. Smith* [1998], 184).

Ry anabavy, izahay, anadahinareo, dia tsy afaka hanao ny zavatra masina nanendrena anareo efa talohan'ny nanorenana izao tontolo izao. Afaka manandrana izahay, kanefa tsy afaka hanantena velively ny haka tahaka ny talenta miavaka anananareo. Tsy misy zavatra hafa eto amin'ity izao tontolo izao ity izay mitondra tombontsoa ho an'ny tena manokana, sy manolokolo ary manova fiainana mihoatra noho ny hery fitaomana ananan'ny vehivavy marina iray.

Fantatro fa misy aminareo ry zatovovavy no tsy manana reny mba hahafahanareo miresaka momba ireto zavatra ireto. Ary maro aminareo ry vehivavy no tsy manan-janaka vavy amin'izao fotoana izao eo amin'ny fiainanareo. Kanefa noho ny fananan'ny vehivavy *rebetra* ao anatiny ny toetra masina dia ny talenta tsara miraikitra ao anaty sy ny fahaizan'ny reny mandray andraikitra dia miantefa amin'ny renibe, nenitao,

renikely, rafozam-bavy, mpitarika na mpiahy hafa izay mihazona izany andraikitra eo amin'ny fifandraisana manan-danja eo amin'ny reny sy ny zanakavavy izany, ny ankamaroan'ny zavatra holazaiko.

Ry zatovovavy, tia anareo ny reninareo. Hitany eo aminareo ny fampanantenana ho an'ny taranaka ho avy. Ny zava-bitanareo rehetra, ny olana norenenareo rehetra, dia hitondra fifaliana feno ho azy ireo. Ary toy izany koa, ny ahiahi *nareo* sy ny ratram-po *nareo* dia mba ahiahi *ny* sy ratram-po *ny* koa.

Te-hanome torohevitra vitsivitsy ho anareo zatovovavy aho anio mikasika ny fomba hahazoanareo tombontsoa feno amin'ny fifandraisanareo amin'ny reninareo. Ary avy eo dia manana hevitra vitsivitsy hozaraina amin'ireo reny koa aho mikasika ny fomba hahafahany mampitombo ny hery fitaomany an'ireo zanakavaviny sy ireo olona hafa ao amin'ny fianakaviany.

Mampalahelo fa dia mora ny maneho ny fisafotofotoan-kevitra sy ny fiovaovana eo amin'ny fandraisana ny vehivavy amin'izao fiaraha-monina ankehitriny izao. Mameny ny onjam-peo amin'ny radiô sy ny fahitalavitra ary miseho tsy tapaka amin'ny gazetiboky ary miseho lava ao anatin'ny sarimihetsika ireo vehivavy tsy maotina, tsy madio ara-pitondran-tena ary mpiteniteny foana—ary hankalazain'izao tontolo izao izy rehetra. Ny Apôstôly Paoly dia naminany ny “andro mahory” izay hitranga amin'ny andro farany, ary nilaza zavatra miavaka izay tsapany manokana fa mahory tokoa ho azy, dia ny hoe: “vehivavy adaladala vesaran'ny fahotana, entin'ny filana maro” (2 Timoty 3:1, 6). Ny kolontsaina malaza ankehitriny dia matetika manome endrika ny vehivavy ho mahatsikaiky, tsy misy dikany, donto ary tsy mahavita na inona na inona. Mibaiko azy ireo amin'ny ataony izany sy tsy manome fanajana azy ary avy eo manoro hevitra azy ireo fa amin'ny alalan'ny fanangolena ihany no ahafahan'izy ireo mamela ny taratry ny maha-izy azy eo amin'ny olombelona—ilay hafatra mora miparitaka sady mampidi-doza indrindra ampiasain'ny fahavalo hisarihana ny fieritreretana ny vehivavy mikasika ny tenan'izy ireo.

Ka noho izany, ry zatovovavikely malalako, amin'ny foko manontolo no



angatahiko anareo tsy handray ny kolontsain'izao andro izao ho fakan-tahaka sy mpitarika anareo. Aoka ianareo hijery ny reninareo raha te hanaraka lamina iray. *Izy ireo* alaina tahaka, fa tsy ireo olo-malaza izay tsy ny fitsipiky ny Tompo no fenitra arahiny, ary mety tsy mifandraika amin'ny tanjona mandrakizay ny zava-manan-danja aminy. Jereo ny reninareo. Mianara avy amin'ny tanjany sy ny herim-pony ary ny fahatokiany. Henoy izy. Mety tsy manam-pahaizana amin'ny fandefasana hafatra fohy amin'ny telefaonina izy. Mety tsy manana pejy iray ao amin'ny Facebook akory aza izy. Kanefa raha mikasika ny zavatra ny fo sy ny zavatra ny Tompo dia manan-karem-pahalalana izy. Rehefa manakaiky ny fotoana hanambadiana sy hahatongavana ho reny ao anatin'ny fahatanorana ianao dia izy no ho loharanom-pahendrena lehibe indrindra ho anao. Tsy misy olon-kafa eto an-tany izay tia anareo tahaka azy na vonona hahafoy zavatra maro tahaka azy mba hamporisihana sy hanampiana anareo hahita fahasambarana—eto amin'ity fiainana ity sy amin'ny mandrakizay.

Tiavo ny reninareo ry anabavikely malalako. Hajao izy. Henoy izy. Matokia azy. Voarakitra ao am-pony ireo zavatra mahaliana anareo indrindra. Mikarakara ny fiarovana sy ny fahasambaranareo mandrakizay izy. Koa aoka ianareo ho tsara fanahy aminy. Manàna faharetana amin'ireo kileman'ny satria manana izy. Samy manana izany isika.

Ankehitriny dia te-hizara hevitra vitsivitsy aminareo aho ry reny mikasika ny andraikitra manokana sahaninareo eo amin'ny fiainan'ny zanakareo vavy. Misy fianakaviana iray namanay izay manao dia matetika miaraka amin'ireo havany. Ny zavatra dinihiny voalohany aorian'ny dia tsirairay dia ny hoe hatraiza ny fakan'ireo zatovovavy tahaka ny toetran-dreniny. Raha toa ka mitsitsy ny reniny dia ho toy izany koa ny zanany vavy. Raha toa ka maotina ny reniny dia ho toy izany koa ny zanany vavy. Raha toa ka manao kapa sy akanjo fitena ny reniny hanatrehana ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo dia manao izany koa ny zanany vavy. Ry reny, ny ohatra asehonareo dia tena zava-dehibe indrindra amin'ny zanakareo vavy—eny fa na dia tsy miaiky izany aza izy.

Nandritra ny tantaran'izao tontolo izao dia ny vehivavy hatrany no mpampianatra ireo hasin'ny fahadiovam-pitondran-tena. Miantomboka any amin'ny fahakeliny izany ary mitohy mandritry ny fiainan'ny zanany. Amin'izao andro izao dia tototry ny hafatra mikasika ny maha-vehivavy sy ny maha-reny ny fiaraha-monina misy antsika izay hafatra diso sy mampidi-doza. Ny fanarahana ireo hafatra ireo dia hamily ny zanakareo vavy any amin'ny ota sy ny faharavana. Mety tsy hahatakatra izany ny zanakareo vavy raha tsy teneninareo aminy izany, na ny tsaratsara kokoa, raha tsy asehonareo azy ireo ny fomba fisafidianana ny tsara. Amin'ny maha-reny eto Isiraely anareo dia ianareo no



mpiaro voalohany ny zanakareo vavy amin'ny fanangolen'izao tontolo izao.

Ankehitriny ry reny dia fantatro fa indraindray dia toa tsy miraharaha ny lesona izay ezahinareo ampianarina azy ny zanakareo. Minoa ahy—efa nahita ireo maso midiridiray nataon'ireo tanora koa aho rehefa tonga eo amin'ilay eritreretinareo fa ampahany tsara indrindra amin'ny fampianaranareo ianareo. Manome toky anareo aho fa na dia tsy mihaino na dia teny iray akory amin'izay zavatra teneninareo aza ny zanakareo vavy dia mbola mianatra avy aminareo izy ireo rehefa mijery ny fihetsikareo mba hahitana hoe mitovy amin'ny zavatra ambaranareo ve ny zavatra ataonareo. Araka ny fantatra dia hoy i Ralph Waldo Emerson hoe: “Manakoako mafy ny zavatra ataonao ka tsy reko izay lazainao” (Jereo Ralph Keyes, *The Quote Verifier* [2006], 56).

Ampianaro ny zanakareo vavy hahita fifaliana amin'ny fikolokoloana zanaka. Amin'izany no fomba ahafahan'ny talentany sy ny fitiavany tena hanan-danja indrindra mandrakizay. Diniho ao anatin'izany toe-javatra izany ny baiko nomen'ny Filoha Harold B. Lee hoe: “ny asa manan-danja indrindra . . . izay ho ataonao dia ireo izay ho ataonao ao anatin'ny rindrin'ny tokantranonao” (*Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* [2000], 134). Mazava ho azy fa marina izany ho antsika rehetra, kanefa tena manandanja lehibe mihitsy aza izany raha eo

amin'ny fifandraisan'ny reny sy ny zanany vavy.

Ry reny, ampianaro ny zanakareo vavy fa ny zanakavavin'Andriamanitra mahatoky dia miala amin'ireo fakampahin'ny fifosafosana na fitsaratsarana ny hafa. Nandritry ny toriteny ho an'ny Fikambanana Ifanampiana tao Nauvoo, no nanoroan'ny Mpaminany Joseph hevitra ireo rahavavy hoe “ny lela dia taova iray tsy voafolaka—fehezo ny lelanao amin'ireo zavatra tsy misy dikany” (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 455).

Tato anatin'ny taona vitsivitsy izay dia nitobaka izay tsy izy ny lahatsoratra, boky sy sarimihetsika nosoratana mikasika ireo vehivavy sy zanakavavy mifosafosa ary “ratsy fanahy.” Miezaka foana i Satana manambany ilay singa fototra sarobidy indrindra eo amin'ny toetra masin'ireo vehivavy—dia ilay toetra mitaiza.

Ny fifandraisan'ny reny sy ny zanakavavy dia ahitana ny fianaran'ireo zanakavavy ny fomba fitaizana amin'ny alalan'ny fandraisany ny fitaizana. Tiana izy. Ampianarina izy ary mandray traikefa mivantana momba ny hoe manao ahoana izany manana olona maneho fiahiana aminy tokoa izany ka mahavita manitsy azy ary sady manohy mamporisika sy mahatoky azy ihany koa.

Tsarovy ry rahavavy, Andriamanitra no loharanon'ny hery ara-tsaina sy arapanahy rehetra. Mahazo izany hery izany isika amin'ny alalan'ny fanaovana

fanekempihavanana Aminy sy amin'ny fitandremana izany. Ry reny, ampianaro ny zanakareo vavy ny lanjan'ny fanaovana izany fanekempihavanana izany, ary aseho azy ireo ny fomba fitandremana ireo fanekempihavanana ireo ka hampitsiry ny fanirian'izy ireo hanana fiainana mendrika mba hahafahany mandeha any amin'ny tempoly.

Eto amin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity, dia midika izany hoe firesahana mikasika ny firaisana ara-nofa amin'ny zanakao vavy. Ny zanakao vavy sy ny zanakao lahy dia mitombo ao anatin'ny tontolo izay manaiky tanteraka ilay fiheverana dieny mbola kely ary malalaka sy tsy ampy fandinihana ny lafiny mikasika ny filana ara-nofa. Ireo vehivavy tsy maotina sy tsy madio arapitondran-tena dia hatsarina fatratra ary matetika hankalazaina sy halaina tahaka. Na dia eo aza ireo dingana izay azontsika ampiasaina any antokantranontsika sy eo amin'ny fianakaviansika mba hanenana ny fitobahana ireo singa ratsy eo amin'ny fiainantsika amin'izao fotoana izao dia tsy afa-miala tanteraka amin'ireo hafatra sy fitaomana mahery vaika sy tsy misy fahamenarana momba ny filana ara-nofa izay manodidina azy ireo ny zanakareo vavy. Mila miresaka amim-palalahana sy matetika amin'izy ireo ianareo ka mandritra izany dia mampianatra momba ny marina mikasika izany zavatra izany.

Ohatra, mila takatr'izy ireo fa rehefa manao akanjo manara-batana be na fo-hy loatra na misy dakany ambony be izy ireo dia tsy vitan'ny mandefa hafatra diso ho an'ireo zatovolahy mifanerasera aminy fa mampiditra ao an-tsain'izy ireo manokana koa ilay hevi-diso izay milaza fa ny hasin'ny vehivavy iray dia miankina tanteraka amin'ny bika aman'endry izay manintona. Tsy izany ary tsy ho izany velively ny famaritana ny zanakavavin'Andriamanitra mahatoky. Mila mandre izany—mivantana sy miverimberina—aloaky ny vavaneho izy ireo, ary mila mahita izany mivaingana araka ny tokony ho izy sy tsy tapaka eo amin'ny fenitra arahinareo manokana eo amin'ny fitafy sy ny fihaingo, ary ny fiainana maotina.

Tena hanao sy hitandrina ny fanekempihavanana ireo tanora rehetra raha toa ka mianatra ny fomba ahafantarana ny fanatrehan'ny Fanahy sy ny

feon'ny Fanahy izy ireo. Ampianaro ny zavatra ara-panahy ny zanakareo vavy. Atoroy azy ny soratra masina. Omeo fahafahana miaina toe-javatra izay hanampy azy ireo hiaina ny fitahian'ny fahefan'ny fisoronana eo amin'ny fiainany izy ireo. Amin'ny alalan'ny fitandremany ny fanekempihavanana no hianarany mihaino ny feon'ny Tompo sy handraisany fanambarana ho an'ny tenany manokana. Tena hihaino sy hamaly ny vavaka hataony Andriamanitra. Ny lohahevitra amin'ny Atrik'asa Ifanakalozana amin'ity taona 2010 ity dia miantefa amin'ireo tanorantsika sy amin'ny tenantsika koa: "Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao" (Josoa 1:9). Hitarika sy hiaro azy ireo handray ny fitahiana avy amin'ny tranon'ny Tompo izany.

Ataovy izay ahafantaran'izy ireo fa ny fitandremana ny fanekempihavanana no lalana azo antoka indrindra fa hitondra mankany amin'ny fahasambarana mandrakizay. Ary raha ilaina dia ampianaro azy ireo ny fibebahana sy ny fomba hijanonana ho madio sy mendrika.

Ankehitriny, raha toa ka efa renareo matetika izany zavatra lazaiko izany dia satria niresaka tamin'ireo ray aman-dreny sy ny zanany aho nandritry ny Fihaonamben'ny Fiangonana intelo nifanesy. Tamin'ny volana Aprily lasa teo aho dia namporisika ireo tanora mba "hianatra ny lesona avy tamin'ny lasa." Holazaiko ny voalaza tao amin'izany lahateny izany: "Rehefa vonona ny hihaino sy hianatra ianareo, dia maro amin'ireo fampianarana tena manan-danja eto amin'ny fiainana no avy any amin'ireo izay efa nandalo talohanareo. . . . Tena ho tsara lavitra kokoa ny fiainanareo raha hanaraka ny ohatra tena tsara nasehon'ireo mpanaradia mahatoky an'i Kristy ianareo" ("Misintona lesona avy tamin'ny lasa," *Liabona*, Mey 2009, 31, 33).

Niresaka tamin'ireo ray sy zanaka aho tao amin'ny fivoriamben'ny fisoronana tamin'ny Ôktôbra farany teo ary androany aho dia tena niresaka be tamin'ny reny sy ny zanakavavy. Samy hafa ny hafatro ho azy ireo kanefa misy itovizana. Manantena aho fa mihaino izany ianareo ary mahita drafitra sy maheno hafatra hentitra sy tsy miova fa



amin'izao andro farany izao dia zavadehibe—ary tena maika—ny fifampihainoana sy ny fifampianaran'ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Tsy hoe zavatra tsy misy dikany sy tsy manan-danja ny zavatra noresahiko teo. Izy ireo no aina sy ivon'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny fahasambarantsika sy fiadanantsika mandrakizay.

Hanampy hatrany araka izay vitany ny Fiangonana. Eto izahay mba hanohana sy hanampy anareo amin'ny maha-ray aman-dreny sy zanaka anareo. Kanefa ny tokantrano no toerana manan-danja indrindra hanomanana ny tanora amin'izao andro izao izay hitarika ny fianakaviany sy ny Fiangonana rahampitso. Andraikitsika tsirairay avy amin'ny maha reny sy maha ray antsika ny manaô izay rehetra azontsika atao mba hanomanana ny tanorantsika ho lehilahy sy vehivavy mba ho mahatoky sy marina. Ao an-tokantrano no tsy maintsy hampianarantsika ny filazantsara araky ny fitsipika sy ohatra.

Hofaranako amin'ny famintinana ara-paminanina avy amin'ny Filoha Joseph F. Smith ity torohevitra ity: "Ny fifandraisan'ny [fianakaviany] dia

tsy natokana ho an'ity fiainana ity fotsiny, sy ho amin'ity fotoana ity, raha avahantsika amin'ny mandrakizay izany. Miaina amin'izao fotoana izao sy amin'ny mandrakizay isika. Mamorona vondrona sy fifandraisana eto amin'ity fiainana ity sy ho amin'ny mandrakizay isika. . . . Iza ireo olona ankoatra ny Olomasin'ny Andro Farany no manana eritreritra fa hitohy ny rafitry ny fianakaviana any ankoatry ny fasana? Ny ray, reny, ny zanaka izay mifankahafantatra izany . . . ilay rafitry ny fianakaviana izay vondrona iray ao amin'ilay drafitra lehibe sy lavorary ao amin'ny asan'Andriamanitra, ary natao hitohy mandritra ity fiainana ity ka hatrany amin'ny mandrakizay?" (*Teachings: Joseph F. Smith*, 385, 386).

Enga anie Andriamanitra hitahy antsika eo amin'ny fampianarana, fikolokoloana, ary fanomanana ifanaovantsika tsirairay ao anatin'ny rindrin'ny tokantranantsika satria ity asa lehibe ity dia tsy maintsy vitaintsika rehetra amin'izao fotoana izao sy amin'ny hoavy. Izany no vavaka atao-ko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■